



IMPERIAL BRANDS



# ***ISIKA MIARAKA NO*** *IMPERIAL BRANDS*



## NY FITSIPI-PITONDRANTENA LALAINTSIKA

SEPTAMBRA 2024

# FANOROAM -PEJY


- Ny tanjontsika sy ny vinantsika ary ny fitondrantenantsika
- Ry mpiara-miasa
- Fampidirana
- Mandray fanapahan-kevitra manaraka ny etika
- Sahia Miteny
- Ny mpanjifanay
- Ny Olonay
- Ireo endri-pananana sy lazan'ny orinasanay
- Ny fahamarinana amin'ny fiharianay
- Ny tontolo iainana sy ny fiarahamonina
- Sasin-teny
- Politika sy fampitaovana anatiny




# NY TANJONTSIKA SY NY VINANTSIKA ARY NY FITONDRANTENANTSIKA



## NY ANTOM-PISIAN-NTSIKA

**"Mamorona lalana mankany amin'ny hoavy tsara kokoa ho an'ny fotoana fialana sasatra sy fahafinaretana."**

## NY VINAN-TSIKA

**"Manangana orinasa matanjaka afaka mifaninana amin'ny andraikitra, fifantohana ary ny safidy."**

## NY FITONDRAN-TENANTSIKA

**“Ny fitondran-tenantsika no mamaritra ny tokony hataontsika, ny fandraisana fanapahan-kevitra ary ny fifampitondrantsika.”**

# NY FITONDRAN-TENA NTSIKA



## Atombohy amin'ny **Mpanjifa**


- Ny zavatra rehetra ataontsika dia ho an'ny mpanjifa
- Ataovy izay hahatakaranao ny filàn'ny mpanjifa
- Mila hentitra amin'ny safidy ataonao - liana, mametraka fanontaniana, mampiasa ny zava-misy sy angona, mitady fomba fijery hafa hitsapana ny fisainanao
- Ampifandraiso ny angona sy ny fahiratan-tsaina, ary koa ny sainao sy ny traikefanao mba handraisana fanapahan-kevitra
- Ataovy tsara kalitao ny asa ataonao

**Fiheverana fototra**

Ny zavatra rehetra ataontsika dia ho an'ny mpanjifa – noho izy ireo no antom-pisiantsika

Ny fahafantarana fa ny mpanjifantsika no fanalahidy fanokafana ny fahombiazantsika amin'ny ho avy

Ny fanapahan-kevitra tsara dia raisina amin'ny alalan'ny fampifangaroana ny angona, ny fahatakarana ary ny traikefa



## Miaraha miasa **noho ny antom-pisiana**


- Zarao amin'ny hafa ny fahalalanao sy ny traikefanao
- Henoy ary hajao ny fahaizan'ny mpiara-miasa aminao
- Mandresy lahatra fa tsy mibaiko
- Matokia ny hafa – tsy mila mifehy ny zava-drehetra ianao
- Ampifandraiso ny fandaharam-potoana eo an-toerana arakin'ny filan'ny IMB (tadidio ny tena zava-dehibe)
- Mifaninana any ivelany fa tsy ato anatiny

**Fiheverana fototra**

Anisan'ny asako ny manampy ny hafa hahomby

Tsy voatery hifehy ny zava-drehetra aho

Ny fiaraha-miasa amin'ny hafa dia hitondra vokatra tsara kokoa ho antsika rehetra



## Raiso am-pahatokiana **ny andraikitra**

- Aoka ianao mba ho tompon'andraikitra ary hamarino fa manao an'izany koa ny hafa
- Tanteraho izay nampanantenainao
- Mifantoka hatrany amin'ny laharam-pahamehana nifanarahana
- Avelao izay hita fa tsy zava-dehibe intsony
- Manaova fanamby amin'ny fanatsarana ny fomba fiasanao
- Aza manome tsiny ny hafa

**Fiheverana fototra**

Ny fanoloran-tena dia fanoloran-tena

Tsy maninona ny miteny

Rehefa manao ny tsara aho dia hotsaraina ara-drariny ny anjara birikiko



## Aoka ianao mba hitazona ny maha izy anao, **Miaraka amin'ny rehetra**

- Manokàna fotoana handraisana olona
- Maneke sy mankasitraka izay entin'ny hafa
- Mifampikarakara – tsy misy fanavahana
- Ankalazao ho zavatra tsara ny fahasamihafana
- Asehoy ny tena maha izy anao
- Mitondrà fahamarinana, fisokafana ary fanetren-tena amin'ireo lohahevitra sarotra resahana

**Fiheverana fototra**

Tonga soa aho

Sarobidy aho

Arakaraka ny maha-samihafa antsika no mampatanjaka kokoa ny fihariantsika



## Aoreno **ny hoavintsika**

- Vinavinao ny fahafahana sy ny fanamby ho avy
- Miomana mialoha, hatrany
- Avaho ny fomba fiasa lavitrezaka sy ny asa fohy ezaka
- Miasà mba hanatsara zavatra
- Raiso ny fiovana sy ny fanavaozana - mivonona ny hanandrana zava-baovao sy hisintona lesona avy amin'ny lasa

**Fiheverana fototra**

Mino ny fahombiazantsika aho

Zava-dehibe ny manandrana zava-baovao

Ny lesona avy amin'ny tsy fahombiazana sy ny sakana no fomba hatongantsika hahomby

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# RY
# MPIARA-MIASA

**Ny fahombiazantsika ara-barotra dia miankina amin’ny fomba fiasan'ny tompon'andraikitra amin'ny fandraharahana sy ny fifantohana amin'ny fandraisana andraikitra ataon'ny tsirairay.**



Ny Fitsipi-pitondrantenantsika no mpitari-dalana antsika amin'ny fanaovana ny tsara ao amin'ny Imperial Brands.

Amin'ny fomba azo ampiharina, ny Fitsipika dia mamaritra ny fomba ahafahantsika manohana tsara kokoa ny Tanjontsika - manoritra lalana mankany amin'ny hoavy tsara kokoa ho an'ny mpiara-miombon’antoka rehetra - ary ny Vinantsika ny ho lasa fihariana tohanan’ny fandraisana andraikitra.

Isika tsirairay dia mila manokana fotoana mba ho zatra ny Fehezandalàna, manome antsika fahatokiana handray andraikitra amin'ny fomba fiasa sy fitondrantenantsika.

Vakio tsara ny Fehezandalàna. Resaho amin'ny mpiara-miasa izany. Anontanio ny Mpitarika ny Olona na ny mpikambana hafa ao amin'ny mpitarika ny ekipa raha misy zavatra tsy azonao.

Manampy antsika handray fanapahan-kevitra amim-pahatokiana sy amin'ny fomba tsy miovaova manerana ny fikambananantsika maneran-tany ny Fehezan-dalàna sy fametrahana mazava tsara ny finoantsika sy ny andrasantsika na inona na inona andraikitra na toerana.

Mitenena azafady raha mahita na mahatsikaritra fihetsika tsy mifanaraka amin'ilay fitsipika. Hotazonina ny tsiambaratelonao, ary tsy mandefitra amin'ny valifaty isika.

Ny fitondran-tena manara-penitra dia sady zavatra tsara tokony hatao no fomba iray hitondrantsika fampandrosoana amin’ny fomba maharitra.

**Stefan Bomhard**
Tale jeneraly

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN’NY PEJY

# FAMPAHAFANTARANA MOMBA NY FITSIPI-PITONDRAN-TENA


**Ny Fitsipi-pitondrantenantsika dia mametraka ny fenitry ny fitondrantena andrasantsika amin'ny olona rehetra miasa ho an'ny Imperial Brands sy ny mpiara miasa aminy.**

Ny Fitsipika dia manome rafitra hanomezana antoka fa hahatratra ny tanjontsika amin'ny fihariana amim-pahamendrehana isika.

Ny Fitsipika dia mihatra amin'ny rehetra ao amin'ny Imperial Brands, ao anatin'izany ny tale, ny mpitantanana, ny mpiasa, ny mpiasa tsy raikitra, ary ny sampan-draharahantsika.

Ianao no tompon'andraikitra amin'ny famakiana sy fahatakarana ny Fehezan-dalàna ary ny famitana ny Fehezan-dalàna tsy maintsy atao sy ny fiofanana momba ny fanarahan-dalàna nomena anao. Raha manana fanontaniana momba ny zavatra andrasana voasoritra ao amin'ny Fitsipika ianao dia miresaha amin'ny Mpitarika ny Olona, ny Mpisolovava eo an-toerana na mpikambana ao amin'ny Vondrona misehatra amin'ny Lalàna.

**Angatahina ianao hanamarina ny fahatakaranao ny Fehezandalàna arakin'ny fiofanana natao momba ny Fitsipika sy lohahevitrin'ny Fitsipika.**



# FAMPAHAFANTARANA
# MOMBA NY FITSIPI-PITONDRAN-TENA

## Andraikitr'ireo Mpitarika Olona

Raha Mpitarika Olona ianao dia manana andraikitra fanampiny raha ny momba ny Fitsipika:

- Fantaro ny adidinao hanohana sy hampihatra ny Fitsipika
- Mitadiava fotoana hizarana sy hanazava ny Fitsipika
- Aoka ianao ho modely amin'ny fanarahana ny Fehezan-dalàna ary maneho fihetsika tsara ho an'ny ekipanao sy ny mpiara-miasa hafa
- Ataovy izay hahavitan'ny ekipanao ny fiofanana tsy maintsy atao rehetra mifandraika amin'ny Lalàna sy ny lohahevitra fanarahan-dalàna
- Amporisiho ny ekipanao hametraka fanontaniana, Asehoy ny ahiahy ary mitenena raha toa ka misy zavatra tsy mety; ary raha mety ilay izy dia mihainoa tsara ary manaova zavatra araka ny tokony ho izy.

Fantaro ny anjara asa lehibe tokony ataonao amin'ny fanomezana fahafahana ny mpiara-miasa hanana fahatokiana hangataka fanampiana sy hahatsapa ho voaro amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra sarotra rehefa izay no mety hatao. Raha mila tari-dalana na torohevitra ianao dia mitadiava fanampiana amin'ny Mpisolovava eo an-toerana na amin'ny Vondrona misehatra amin'ny Lalàna.

## Fampiharana ny Fitsipika

Tompon'andraikitra ny fomba fiasantsika amin'ny fandraharahana ka hamafisina ny fitokisana ho fampiharana ny fenitra ho an'ny fitondran-tena. Ireo olona voarohirohy amin'ny fandikana ny Fehezandalàna dia iharan'ny fomba famaizana ara-drariny, araka ny fitsipikin'ny fitsipi-pifehezana. Ny fandikana ny lalàna dia mety azahoana sazy mifnaraka amin'izay na sazy hafa koa.

Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra



# MANDRAY FAN-APAHAN-KEVITRA MANARAKA NY ETIKA

**Samy tompon'andraikitra amin'ny fanapahan-kevitra raisina amin'ny asantsika isika.**

Indraindray, mazava tsara ny fanapahan-kevitra manaraka ny lalàna sy ara-moraly. Indraindray, sarotra kokoa ny mamaritra ny fanapahan-kevitra mety. Zava-dehibe tokoa raha fanapahan-kevitra maha faly antsika noraisina.

**Toa mila fanampiana ianao:**

Mangataha torolàlana any amin'ny **Mpitarika Olona, Mpisolovava eo an-toerana** na **Vondrona misehatra amin'ny Lalàna**

**Rehefa miatrika fanapahan-kevitra sarotra na fangatahana tsy mahazatra dia antanio an' ireto fanontaniana ireto ny tenanao:**

**Tsy azoko antoka...**



Ara-dalàna ve? → ENY → Mifanaraka amin'ny Fehezan-dalàna, ny politikan'ny orinasa ary ny fitondrantenantsika ve izany? → ENY → Fantatro ve ny vokany sy ny loza mety aterak'izany? → ENY → Afaka manamarina ny zavatra nataoko amin'ny mpiara-miasa ve aho? → ENY → Inona no ho eritreretin'ny hafa raha mamaky momba ny zavatra nataoko ao amin'ny vaovao izy ireo? → ENY →

**Raha Eny ny valin'ireo fanontaniana rehetra ireo dia mety ny miroso.**

**Raha mbola manana ahiahy ianao dia miresaha amin'ny Mpitarika ny Olona na ny Mpisolovava eo an-toerana.**

**Tsia...**

**Aza atao ny:**

**Raha Tsia ny valiny** iray amin'ireo fanontaniana ireo dia midika fa mety ho fanapahan-kevitra na fangatahana tsy azo ekena izany.
Mangataha torolàlana any amin'ny **Mpitarika Olona, Mpisolovava eo an-toerana** na **Vondrona misehatra amin'ny Lalàna**

# SAHIA MITENY

**Manàna fahasahiana miteny raha toa ianao ka manana ahiahy momba ny fitondran-tena tsy mendrika ao amin'ny Imperial Brands.** Raha mahita fitondran-tena mandika ny zavatra andrasana ao amin'ny Fehezandalàna ianao, na raha nasaina nanao zavatra tsy mifanaraka amin'ny Fehezandalàna, ny fitsipikin'ny orinasa, na ny lalàna ianao, dia mamporisika anao hiteny izahay.

SPEAKING UP

MIARAKA MANOVA ISIKA

## Misy fomba maro ahafahana mitatitra ny fitondran-tena tsy mety:


- Manatona ireo Mpitarika ny Olona na mpiara-miasa amin'ny Olona sy Kolontsaina (P&C) eo an-toerana misy anao. Azonao atao ihany koa ny mifandray mivantana amin'ny Vondrona misehatra amin'ny Lalàna raha tianao.
- Ampahafantaro ao anaty fitanan-tsiambaratelo ny ahiahinao amin'ny alàlan'ny sehatra an-tserasera voaaro Sahia Miteny. Azonao atao ny miditra avy amin'ny solosainao na amin'ny finday amin'ny alàlan'ny fitarafana ny kaody QR amin'ity pejy ity na tsidiho ny **https://imperialbrands.whistleblowernetwork.net**. Azo atao tsy misy anarana ny tatitrao, raha tianao.

  Any amin'ny firenena sasany, azonao atao koa ny miantso ny laharana finday maimaim-poana eo an-toerana mba hitaterana ny olana misy. Midira amin'ny lisitry ny laharana finday **eto**. Ampidiro ny kaody **25492** raha takiana izany.
- Ampahafantaro an-tsoratra amin'ny:
  **Imperial Brands Plc, Attn: Speaking Up,**
  **121 Winterstoke Road, Bristol BS3 2LL UK |**
  **speakup@impbrands.com**

  Any Amerika Avaratra, manaova tatitra amin'ny ITG Brands amin'ny:
  **ITG Brands Speaking Up,**
  **714 Green Valley Road, Greensboro, NC 27408 |**
  **Tel: +1 866 447 6092**
  **https://secure.ethicspoint.com**

Raha misafidy ny hiteny ianao, dia hojerena ny tatitrao ary, raha ilaina, dia hohadihadiana izany.

Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra



# SAHIA MITENY



MIARAKA MANOVA ISIKA

SPEAKING UP

**Hiaro ny tsiambaratelon'ny olona rehetra izay miteny isika ary tsy handefitra amin'ny endrika valifaty na fanavakavahana atao amin'ny olona iray izay maneho ahiahy na mandray anjara amin'ny fanadihadiana. Ny famaliana faty dia mety hiafara amin'ny famaizana, sy hatramin'ny fandroahana.**

Azon'ny mpiasan'ny Imperial sy mpiasa vonjimaika, ary koa ireo mpamatsy sy mpiara-miombon'antoka ara-barotra ivelany ary ireo fiaraha-monina iasantsika ampesaina ny fantsona Sahia Miteny. Amporisihina ianao hampiroborobo ny fantsona Sahia Miteny amin'olona rehetra miasa miaraka na amin'ny anaran'ny Imperial Brands.

## Mitatitra fitarainana

Ny fitarainan'ny mpiasa, toy ny mifandraika amin'ny fivoaran'ny asanao, ny fepetra momba ny asa na ny tsy fitovian-kevitra amin'ny mpiara-miasa, dia raisina amin'ny sokajiny hafa fa tsy fanitsakitsahana ny Fehezandalàna.

Mba hamahana ny fitarainana iray, dia tokony hikendry ny famahana olana mangigina ianao amin'ny firesahana amin'ny Mpitarikanao. Raha mahatsapa ianao fa tsy afaka manao izany, dia miresaha amina mpitantana ambony kokoa na mpiara-miasa amin'ny orinasa P&C eo an-toerana.

Raha toa ka tsy voavaha amin'ny fomba mangigina ny fitarainanao, dia azonao atao ny manangana raharaha amin'ny fomba ofisialy araka ny fomba fiasa eo an-toerana. Miresaha amin'ny mpiara-miasa aminao P&C raha mila fanazavana fanampiny.

Ny Imperial Brands dia tsy handefitra amin'ny endrika valifaty na fanavakavahana olona iray izay mitatitra fitarainana.

**Jereo koa :** Politikan'ny Sahia Miteny

Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra

# NY MPANJIFANAY

**Ezahanay ho takarina ny filàn'ny mpanjifa olon-dehibe, amin'ny alalan'ny fanambarana ny angona sy ny hevitra miaraka amin'ny traikefa lalina.**

Fantantray ny ahiahin'ny fiarahamonina momba ny loza ateraky ny fifohana sigara amin'ny fahasalamana ary manaiky ny andraikitray amin'ny fampihenana ny fahasimbana izahay, ao anatin'izany ny fampivoarana sy ny fivarotana ireo vokatra anatin'ny fandraisana andraikitra miaraka amin'ny fampihenana ny risika, toy ny vape, paraky nafanaina ary kitapo kely misy nikôtinina atao am-bava.


12 Mivarotra amin'ny fomba mendrika
13 Manome ny kalitao tsara indrindra
14 Voamarin'ny siansa







> “Ny tanjontsika dia ny hanomezana fahafahampo ireo olona vory saina izay nanapa-kevitra ny hanjifa ny vokatra”

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MIANTSOROKA ANDRAIKITRA NY MARKETING

Manolo-tena isika ny hanao varotra sy ny fanaovana dokam-barotra ny vokatra araka ny lalàna, ny fampiharana ny lalàna sy ny fifanarahana an-tsitrampo ataon'ireo firenena izay iasantsika. Mampihatra ny Fitsipiky ny Marketing isika amin'ny fanaovana dokambarotra sy fampiroboroboana rehetra ary mitaky ireo mpiara-miombon'antoka ivelany hanao toy izany koa.



- **Mnaova dokambarotra sy amidio amin' olon-dehibe mpifoka sigara irery ihany na olon-dehibe mpanjifa ny vokatra misy nikôtinina mampiala voly**
- **Manomeza fampahalalana mazava sy marina momba ny vokatra sy ny loza mety aterany**
- **Ataovy azo antoka fa marina daholo ny zava-drehetra momba ny vokatra ary azo hamarinina**
- **Aza mampiasa sary na zavatra mikendry ny hanintona ny tanora**



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra


## Fenitry ny Varotra

1. Olon-dehibe **ihany no vatsintsika**, dia ireo izay manjifa paraky sy nikôtinina
2. Ny varotra ataontsika **dia marina sy mangarahara**
3. Omentsika ny mpanjifa ny fampahalalana ilainy **mba afahany manao safidy malalaka**
4. Tsy hamporisika **ny olona hifoka na oviana na oviana isika** na ny olona tsy mpifoka hampiasa vokatra misy nikôtinina, ary tsy hanakivy ny mpanjifa ny vokatra hiala
5. Isika **dia manaja ny lalàna eto an-toerana, ny fitsipiky ny fampiharana ary ny fifanarahana an-tsitrapo** izay mifehy ny dokam-barotra, ny fampiroboroboana ary ny fivarotana ny vokatra

# LANJA MANETSIKA NY KALITAO

Izahay dia hentitra amin'ny fanoloran-tenanay hampiroboroboana ny kolontsaina manana kalitao ary mikatsaka mandrakariva ny hanatsara ny fenitra fiharianay, ny lamina, sy ny vokatra, mifanaraka amin'ny fepetra-pitsipika sy ny hetahetan' ny mpanjifa. Ny fomba fiasantsika amin'ny rafim-pitantanana tsara kalitao dia tohanan'ny fitsipika fototra telo:
**Manao izany an-tsakany sy andavany**, **Mitana izany an-tsakany sy andavany**, ary **Manitsy izay tsy mety.**






- **Fantaro ny fomba fiasan'ny orinasa maneran-tany na ny eo an-toerana izay mety hihatra amin'ny asanao**
- **Henoy sy mandraisa andraikitra amin'ny valin-tenin'ny mpanjifa, amin'ny fampiasana angona, hevi-baovao, ary ny traikefanao mba handraisana fanapahan-kevitra**
- **Raiso ny andraikitra raha misy olana mahakasika ny fiarovana ny mpanjifa na ny kalitaon'ny vokatra ary katsakao hatrany ny hanatsara ny lamina, ny tolotra ary ny kalitaon'ny vokatra**
- **Ataovy tsara kalitao ny asa ataonao, atomboy amin'ny mpanjifa hatrany izany**



**“Ny fahombiazantsika sy ny lazantsika dia miankina amin'ny fahafahana manolotra vokatra tsara kalitao izao manome fotoana hialana sasatra sy fahafinaretana ho an'ny olondehibe”**




Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra



← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FAHAMARINANA AMIN'NY SIANSA

Manolotena izahay handray andraikitra amin'ny fitantanana ny vokatra sy ny fahasalamana amin'ny ny vokatra rehetra, ao anatin'izany ny fanombanana ny mety hisian'ny Vokatra Manaraka mba hitondrana fandraisana anjara manan-danja amin'ny fahasalamam-bahoaka. Manao izany isika amin'ny alalan'ny fanaovana fanombanana momba ny fiarovana ny vokatra hatramin'ny farany sy ny fanombanana ny mety ho fampihenana ny voka-dratsin'ny paraky amin'ny Vokatra Manaraka.



- **Araho ny rafitra fanombanana ara-tsiantifika izay misy dingana sy fitsipika maro mba hanombanana ny fiarovana ny vokatra sy hanombanana ny mety ho fampihenana ny voka-dratsin'ny paraky amin'ny Vokatra Manaraka**
- **Aoka mba hangarahara ny fanavaozana ataontsika, ny valin'ny fikarohana ary ny fomba fiasa izay hita ao amin'ny tahirim- Pikarohana ao amin'ny tranokalantsika eto**
- **Miara-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka mpikarohana sy fanavaozana voafantina tsara ihany isika izay manolo-tena amin'ny fenitra ambony tsy tapaka momba ny fampiharana etika sy fitondran-tena siantifika**
- **Mamokatra zavatra ho an'ny olon-dehibe mpifoka sigara sy olon-dehibe mpanjifa vokatra misy nikôtinina mampiala voly isika**



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra



**Miasa ao anatin'ny fenitra ara-tsiansa, fitsipika sy rafitra, ary amin'ny fomba fanao tena tsara amin'ny indostria isika**

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# NY OLONAY

**Ny fampivelarana ny fahaiza-manao sy ny tanjaky ny mpiara-miasa ato amin'ny Imperial Brands dia tena zava-dehibe amin'ny faniriantsika.**

Mankatoa ny maha-izy azy ny tsirairay isika ary maneho fanajana ny hasarobidin'ny olona tsirairay na inona na inona kolontsainy, finoany, na fomba fiainany.


16 Fampiroboroboana ny fanajana, ny fitondrana ara-drariny, ny fahasamihafàna, ny fitoviana ary ny tsy fanilihana

17 Fampitomboana talenta

18 Mamorona toeram-piasana azo antoka sy tsara ary misy fifanohanana

19 Manaja ny zon'olombelona






**Ny fitondrantena fototra ataontsika dia miompana amin'ny kolontsaina izay mifototra amin'ny zava-bita sy mahatafiditra izay atsangantsika ao amin'ny Imperial**


← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MAMPIROBOROBO NY FIFANAJANA, NY FIFAMPITONDRANA ARA-DRARINY, NY FAHASAMIHAFANA, NY HITSINY ARY NY FIFANDRIMBONANA



Isika dia mikendry ny hanangana fikambanana ahitana tena fahasamihafana sy mampiray volo, fanta-daza amin'ny fankalazana ny fahasamihafana ka ahatsapan'ny mpiara-miasa amintsika ny toerana misy azy ahatsapany fa miavaka izy ireo. Manaja, manaiky ary manome lanja ny fahasamihafana misy amin'ny mpanjifa ary maneho ny zavatra misy amin'ny toerana iasantsika.

Ny toeram-piasantsika dia toeram-piasana izay mitondrana ny mpiasa amim-pahamendrehana sy ara-drariny ary am-panajana. Mikatsaka ny hamaly ny fitarainan'ny mpiasa tsy tapaka, ara-drariny ary ara-potoana isika. Tsy handefitra amin'ny herisetra, fanerena, fandrahonana, fampijaliana, fanorisorenana, fanorisorenana ara-nofo, fanavakavahana, na fitondran-tena manambany na fihetsika manilikilika mifototra amin'ny toetran'ny olona tsirairay isika.



- **Tandremo ny fitongilanana tsy fanahinina. Ireo no finoana miafina tsy fantatra ananantsika rehetra izay misy fiantraikany amin'ny fahitantsika an'izao tontolo izao**
- **Mahaiza miombom-po ary makà fotoana hikatsahana sy handinihana fomba fijery sy fomba fisainana samihafa**
- **Tadidio fa ny mpiasa tsirairay dia manana ny fiaviany sy ny traikefany manokana - tsara kokoa ny manontany ny safidiny fa tsy manao vinavina miainga amin'ny toerana fiaviany**
- **Mananà tanjona ny hamolavola sy hampihatra ny dingana rehetra, ny fitsipika, ny fomba fanao, ny vokatra ary ny fitaovam-pifandraisana mba ho azon'ny mpiasa rehetra ampiasaina sy manan-danja aminy, na inona na inona traikefany na ny toetrany manokana**

**Ny toeram-piasantsika dia toeram-piasana izay mitondrana ny mpiasa amim-pahamendrehana sy ara-drariny ary am-panajana**




Kitiho eto ho an'ny loharano anatiny Politikan'ny Sahia Miteny

MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FAMPIVOARANA TALENTA

Nanolo-tena isika mba hamoronana tontolo iarahana miasa sy mahafa-po izay mampiasa vola amin'ny fanohanana ireo mpiara-miasa amin'ny fampivelarana ny fahaizany sy ny traikefany ary amin'ny fanatanterahana ny tanjaky ny asany. Manome fandaharan'asa fanampiana ho an'ny mpiasa isika, ny asa mora atao, ny fitsipika sy ny tobim-piankohonana, ary koa ny tolotra ara-pahasalamana momba ny asa, raha ilaina.






- **Ataovy azo antoka fa manokana fotoana ho an'ny fampivoarana ny tenanao ianao. Mizarà fahalalana sy traikefa amin'ny hafa, ary mianara avy amin'izy ireo ho setrin'izany**
- **Aza mifantoka amin'ny fampandehanana ara-barotra amin'ny fotoana fohy amin'ny fandaniana ny fahamendrehana na ny fitomboana maharitra**
- **Aza avela hisy fiantraikany amin'ny fomba fifandraisanao sy fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miasa ny toe-tsaina tsy mivoatra**
- **Aza afenina ny lesoka na manilika andraikitra rehefa misy zavatra tsy mety**



> **Ny fampiasana ny zava-bita sy ny fahafahan'ny mpiara-miasa tsirairay dia hanohana antsika ny fanatrarana ny tanjona stratejika**



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra




← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FANOMEZANA TOERAM-PIASANA AZO ANTOKA, ARA-PAHASALAMANA, ARY MANAMPY AMIN'NY ASA

Ny fahasalamana, ny fiarovana ary ny fahasalaman'ny mpiasantsika no zava-dehibe indrindra amintsika. Nanolo-tena isika ny hamorona fikarakarana izay laharam-pahamehana tanteraka amin'ny fahasalamana sy ny fiarovana ary amin'ny fanatrarana ny fenitra ara-pahasalamana, fiarovana ary mba hisian'ny fahasalamana amin'ny asa rehetra izay atao.





- **Fantaro ny loza ary tombano ny risika mba hanafoanana na hifehezana tsara ny loza mety hitranga**
- **Araho ny fitsipika momba ny fampiasana fitaovana, fiara, milina ary ny fitaovana fiarovana ho an'ny mpiasa**
- **Raiso ny andraikitra amin'ny fitantanana ny fahasalamanao sy ny mahasoa anao amin'ny alàlan'ny fitondrantena ara-pahasalamana ary ampandreneso ny Mpitarika ny Olona raha mieritreritra ianao fa ny asanao, na ny tontolo iasanao, dia mety hampidi-doza ny fahasalamanao, na raha mila fanampiana fanampiny ianao (ohatra, fanampiana amin'ny fahasembanana na fiverenana miasa)**
- **Katsaho hatrany ny fanatsarana ny fomba fanaontsika ara-pahasalamana, fiarovana ary amporisiho ny mpiara-miasa hanao toy izany koa**

> **Ny fahasalamana, ny fiarovana ary ny fahasalaman'ny mpiasantsika no zava-dehibe indrindra amintsika**




[Kitiho eto ho an'ny loharano anatiny Fitsipikin'ny Zon'olombelona]

# MANAJA NY ZON'OLOMBELONA


Manome lanja ny fiarovana, ny fahamendrehana ary ny fahasalaman'ny mpiasantsika, ny mpiara-miombon'antoka amin'ny orinasa ivelany sy ny vondrom-piarahamonina misy antsika.

Manaja ny zon'olombelona isika, anisan'izany ny zo amin'ny fahalalahan'ny fikambanana sy ny fanekena ny fifampiraharahana iombonana; ny fanafoanana ny asa an-terivozona na/sy ny fampiasana zaza tsy ampy taona; ny fanafoanana ny fanavakavahana eo amin'ny asa ; ary koa ny zo hanana tontolo iainana azo antoka sy tsara ao anatin'ny asantsika manokana sy ny an'ny mpamatsy sy mpiara-miombon'antoka amin'ny orinasa ivelany. Tarihin'ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny Zon'Olombelona isika, ny fitsipiky ny Firenena Mikambana momba ny fandraharahana sy ny zon'olombelona, ary ny Fanambaran'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny fitsipikin' ny Asa momba sy ny zo fototra eo amin'ny asa.



- **Tsy tokony hisy mpiasa latsakin'ny taona farany ambany indrindra arakin'ny lalàna misy eo an-toerana**
- **Ny fampiasana zaza tsy ampy taona, asa an-terivozona na fanondranana an-tsokosoko, ary izay endrika fanandevozana amin'izao fotoana izao dia voarara. Mitenena raha miahiahy na mahita fanitsakitsahana ny zon'olombelona ianao**
- **Manolo-tena isika mba tsy hisin'ny fampiasana zaza tsy ampy taona ao amin'ny toerana isantsika. Mitaky ny mpamatsy antsika isika mba hanaraka, na hihoatra, ny fenitry ny asa iraisam-pirenena ary hametraka izany ao amin'ny Fitsipi-pitondran-tena mifehy ny mpamatsy**
- **Fitsipika momba ny Zon'olombelona**

Kitiho eto ho an'ny loharano anatiny Fitsipikin'ny Zon'olombelona Fanambarana fanandevozana maoderina Fitsipi-pitondran-tena mifehy ny mpamatsy






Manome lanja ny fiarovana, ny fahamendrehana ary ny fahasalaman'ny mpiasantsika, ny mpiara-miombon'antoka amin'ny orinasa ivelany sy ny vondrom-piarahamonina misy antsika

MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# IREO ENDRI-PANANANA SY LAZAN'NY ORINASANAY

**Ny fitantanana ny fiharianay amim-pitandremana sy amim-pahazotoana dia manampy amin'ny fiarovana ny endrim-pananan'ny Imperial Brands sy ny lazany ary miantoka hoavy maharitra kokoa ho an'ny orinasa.**




21 Miady amin'ny varotra tsy ara-dalàna

22 Miaro ny fananan'ny orinasa

23 Fiarovana ny rafitra fampahalalana

24 Miaro ny torohay momba ny tena manokana


25 Fitantanana fampahalalana tsiambaratelo

26 Miaro ny fananana ara-tsaina

27 Fifandraisana amin'ireo mpampiasa vola, mpandalina ary haino aman-jery

28 Fampiasana tompon'andraikitra amin'ny Tambazotran-tserasera







> Ny fitantanana ny fiharianay amim-pitandremana amim-pahazotoana dia manampy amin'ny fiarovana ny endrim-pananan'ny Imperial Brands sy ny lazany

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MIADY AMIN’NY VARO-MAIZINA

Manohitra ny varotra tsy ara-dalana amin’ny endriny rehetra isika ary miara-misalahy amin’ny manampahefana maneran-tany hisorohana ny vokatra paraky tsy ara-dalana mba tsy hanimba ny tsena manaraka ny lalàna. Misy porofo mazava maneho fa ny varotra tsy ara-dalàna dia mampitombo ny heloka bevava sy ny fampihorohoroana ny izao tontolo izao ary ny fanafoanana izany no tena mbola isan'ny laharam-pahamehana.




- **Mamatsy vokatra amin'ny habetsany mifandraika amin'ny fanjifana misy eo an-toerana izay misy mankany amin'ny tena izy ary mifanaraka amin'ny fepetra takin'ny mpanjifa**
- **Ampahafantaro ny fijoroantsika manohitra ny varotra tsy ara-dalàna sy ny andraikitr'izy ireo amin'ny ny lalàna sy ny fanarahana ny lalàna**
- **Miaraha miasa amin'ny fanjakana na ny fanadihadiana momba ny fampiharana ny lalàna momba ny fanodikodinana vokatra**
- **Ny loza mety hitranga amin'ny toe-javatra misy na loza mitatao amin'ny fotoana rehetra momba ny varotra ahiahiana ho tsy ara-dalàna**



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra





> Manohitra ny varotra tsy ara-dalana amin’ny endriny rehetra isika ary miara-misalahy amin’ny manampahefana maneran-tany hisorohana ny vokatra paraky tsy ara-dalana mba tsy hanimba ny tsena manaraka ny lalàna



← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN’NY PEJY

# FITANDROANA NY ENDRI-PANANAN'NY ORINASA

Ny fampiasana tsy ara-drariny ny fananan'ny orinasa dia misy fiantraikany mivantana amin'ny tombom-barotrin'ny orinasa. Ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny solosaina sy finday, ny fitaovana hafa (toy ny fiara), ny trano, ny mombamomba, fizakàmanana ara-tsaina ary ny volan'ny orinasa dia tsy maintsy atao ary mihatra amin'ny mpiara-miasa amin'ny Imperial Brands rehetra.



- **Ampiasao ho tombontsoan'ny orinasa ny fananan'ny Imperial Brands sy ny volany**
- **Araho ny fitsipika mifehy ny rafitrin'ny orinasa rehefa mampiasa mailaka na finday**
- **Hajao ny fananana sy ny loharanom-pahalalana izay an'ny orinasa sy ny sampana hafa toy ny mpanjifa sy ny mpiara-miasa ivelan'ny orinasa**
- **Tsy azo atao ny mampiasa ny loharanom-pahalalan'ny orinasa ho an'ny tombontsoa manokana**





Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra




> Ny fampiasana tsy ara-drariny ny fananan'ny orinasa dia misy fiantraikany mivantana amin'ny tombom-barotrin'ny orinasa

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FIAROVANA NY RAFITRY NY SERASERA


Miaro ny mombamomban'ny orinasa, ny fizotran'ny raharaham-barotra ary ny rafitra ho azo antoka mba tsy ho ampiasaina amin'ny tsy rariny, tsy ho azon'ny halatra, ny fahasimbana na ny fidirana tsy nahazoan-dalana, ny fanovana ary ny famborahana isika. Mailo hatrany isika amin'ny fandrahonana an-tserasera amin'ny fotoana rehetra.



- **Ampahafantaro avy hatrany any amin'ny biraon'ny sampan-draharahanao ny tranga rehetra ahiahiana momba ny fiarovana na ny fisintonana ny angona**
- **Manaova tatitra momba ireo mailaka ahiahiana ho fisolokiana rehetra amin'ny fampiasana ny bokotra "Report Phishing" ao amin'ny Outlook**
- **Mampiasà andian-teny lava misy tarehintsoratra 16 fara fahakeliny ary mampiasà fanamarinana maro karazany (MFA) raha misy izany**
- **Mitandrema tsara rehefa miasa lavitrin'ny birao**



[Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra]




> **Mailo hatrany isika amin'ny fandrahonana an-tserasera amin'ny fotoana rehetra.**


← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MIARO NY TOROHAY MOMBA NY TENA MANOKANA

Manaja ny tsiambaratelon'ny mpiara-miasa amintsika isika na ny mpiantoka, na ny mpanjifa, na ny mpiara-miasa ivelan'ny orinasa. Mitandro ny fitantanana ny mombamomba manokana hifanaraka amin'ny lalàna sy fitsipikin'ny tsiambaratelo mahakasika ny angona isika.



- **Ireo fahalalana manokana ho ilaina amin'ny asa ihany no tokony angonona sy ampiasaina**
- **Afaka zaraina ny fahalalana manokana raha nahazoana alalana nefa tokony araha-maso arak'izay mety, indrindra raha zaraina any ivelan'ny firenena nanangonana azy**
- **Arovy izay fahalalana manokana kirakirainao ary tehirizo mandritra ny fotoana rehetra ilana azy mba hahafeno ny fepetra bitika indrindra**
- **Hazavao amin'ny isam-batan'olona ny antony ilantsika ny mombamomba manokana sy ny ampiasana izany ary ny zony mahakasika izany**






**Manaja ny tsiambaratelon'ny mpiara-miasa amintsika isika na ny mpiantoka, na ny mpanjifa, na ny mpiara-miasa ivelan'ny orinasa**


Kitiho eto ho an'ny loharanom-pahalalana anatiny Fitsipikin'ny tsiambaratelon'ny Imperial Brands

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY



# *FITANTANANA NY TOROHAY FITANAN-TSIAMBARATELO*

Miaro ny mombamomban'ny mpanjifa, ny orinasa ary mpiasa isika. Mitandrina tsara isika rehefa mampiasa ny fahalalana tsiambaratelo ary mizara izany amin'ireo izay mila mahita azy ihany. Manaja ny tsiambaratelon'ny hafa isika, anisan'izany ny mpifaninana amintsika.



- **Amin'ireo izay mila mahafantatra na manan-jo hahafantatra ihany no izarana ny tsiambaratelo, mba hahazoana antoka fa azon'izy ireo ny fepetra mihatra amin'izany**
- **Makà alalana na fahazoan-dalana manokana, fitandroana tsiambaratelo, ny tsy fampahafantarana na ny fifanarahana momban'ny fikirakirana angona, rehefa mizara fahalalana ivelan'ny Imperial Brands**
- **Ampiasao ny mari-pamantarana ny saropady sy fanafenana mba hiarovana ny fahalalana tsiambaratelo. Mampiasà fiarovana efijery fitanan-tsiambaratelo ary mitandrema tsy hiresaka zavatra tsiambaratelo rehefa miasa eny amin'ny toerana be olona**
- **Aza mampiasa serivisy fandefasana hafatra an'ny tena manokana na tsy an'ny orinasa, mailaka, fizarana rakitra ary fitahirizana rehefa miasa**




**“Manaja ny tsiambaratelon'ny hafa isika, anisan'izany ny mpifaninana amintsika”**

Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra




← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY




# *FIAROVANA NY FIZAKÀMANANA ARA-TSAINA*

Ireo zo mahakasika ny fananana ara-tsaina - toy ny marika, ny zon'ny famolavolana, ny patanty ary ny zon'ny mpamorona - dia sarobidy ary miaro ny marika sy ny fanavaozana ary manome tombony ho an'ny fifaninanana. Raha tsy haintsika ny mampiasa ny fananana ara-tsaina dia ho simba ny fananan'ny mpanjifa antsika.






- **Arovy ny fizakàmanana ara-tsaina ary manaova tatitra momban'ny fakana tahaka ny vokatra, vokatra ahiana ho hosoka na zavatra hafa mety manimbazimba ny zon'ny fizakàmanana ara-tsain'ny Imperial Brands**
- **Rehefa mifandray amin'ireo mpiara-miombon'antoka dia tadidio ny fananana ara-tsaina ary ataovy izay hahazoana antoka fa manara-dalana ny fifanarahana atao toy ny tsy fampahafantarana na ny fampandrosoana**
- **Hajao ny fananana ara-tsainan'ny hafa ao anatin'izany ny mpanjifa, ny mpifaninana ary ny mpiara-miombon'antoka ivelan'ny orinasa**
- **Aza mampiasana anarana, mari-barotra na singa hafa izay mety hampifandraisina amin'ny orinasa hafa rehefa mivarotra, manao raharaha ara-barotra na miresaka momban'ny vokatra**






Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra

**Miara-miasa amin'ny lafiny rehetra isika mba hahazoana antoka fa miaro ny zon'ny fananana ara-tsaina ary manaja ny zon'ny hafa ihany koa**




# FIFANDRAISANA AMIN'IREO MPAMPIASA VOLA, MPANDALINA, ARY NY HAINO AMAN-JERY

Manome hafatra mazava, marina isika amin'ny serasera atao amin'ny mpampiasa vola, mpandalina ary ny haino aman-jery. Izay rehetra atao sy lazaina ary izay ambaran'ny mpiara-miombon'antoka ivelany momba antsika dia miantraika amin'ny lazantsika. Mahatoky antsika ny mpiara-miombon'antoka, ny mpandalina, ary ny mpanjifa maro hafa amin'ny fanomezana fahalalana azo antoka momban'ny fandehanan'ny asa ary ny fitantanana ara-bola.




- **Izay mpiasa voaofana sy nahazo alalana irery ihany no afaka miresaka amin'ny mpampiasa vola, mpandalina sy ny haino aman-jery**
- **Lazao amin'ny ekipa mandrindra ny serasera eto an-toerana na ny Vondron'ny Serasera izay fangatahana rehetra avy amin'ny haino aman-jery**
- **Alefaso any amin'ny ekipan'ny Fifandraisana miaraka amin'ny mampiasa vola any amin'ny birao foibe izay fangatahana rehetra avy amin'n mpampiasa vola na mpandalina**
- **Tsy azo atao ny misolo tena ny orinasa raha tsy voaofana sy mahazo alalana hanao izany**



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra




> Manome hafatra mazava, marina isika amin'ny serasera atao amin'ny mpampiasa vola, mpandalina ary ny haino aman-jery




← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FAMPIASANA MATOTRA NY TAMBA-JOTRAN-TSERASERA

Matotra sy mangarahara isika ny amin'ny fampiasana ny tamba-jotran-tserasera mba hanampy antsika hizara vaovao momban'ny orinasantsika. Andraikitrin'ny mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Imperial Brands ny fahatakarana sy ny fanarahana ny torolàlana omen'ny orinasa momban'ny fampiasana ny tamba-jotran-tserasera.



- **Tokony hitondra tena ho toy ny mpiasa ato amintsika ianao rehefa manohana ny orinasa sy ny hetsika atao**
- **Tandremo ny fepetra aman-dalàna mety mihatra rehefa miresaka momban'ny asantsika amin'ny tamba-jotran-tserasera**
- **Ataovy an-tsaina ny mety ho fahitan'ny hafa ny hafatrao ao amin'ny tamba-jotran-tserasera**
- **Aza mamoaka fahalalana tsiambaratelo, na manokana, na momban'ny orinasa na ny mpanjifany, na ny mpamatsy na ny mpiara-miasa ao amin'ny tamba-jotran-tserasera**






> **Andraikitrin'ny mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Imperial Brands ny fanarahana ny torolàlana omen'ny orinasa momban'ny fampiasana ny tamba-jotran-tserasera**

[Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra]

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# NY FAHAMARI-NANA AMIN'NY FIHARIANAY

**Ny fomba fiasa mandray andraikitra sy miaraka amin'ny fahamarinana dia nahafahan'ny Imperial Brands namorona fihariana mahomby sy maharitra. Mino ny fisian'ny fitokisana, ny rariny sy ny fahamendrehana, ary ny zavatra rehetra ataonay dia maneho taratra an'izany. Tsy ekenay mihintsy izay mety ho endrika tsolotra, kolikoly na fanaovana osoka amin'ny fitantanana.**


30 Ady amin'ny tsolotra sy kolikoly
31 Fanolorana sy fandraisana fanomezana
32 Fitantanana ny fitovian'ny tombontsoa
33 Fifaninana ara-drariny
34 Angom-pahalalana miavaka
35 Fandrarana ny varotra anatiny
36 Tatitra ara-bola sy tsy ara-bola voamarina
37 Manaraka ny lalàn'ny haba-tseranana sy ny fandoavan-ketra
38 Manaraka ny sazy sy ny fenitra ara-barotra
39 Famotsiam-bola
40 Fifandraisana mari-pototra amin'ny mpamatsy
41 Miara-miasa amin'ny fanjakana sy ny rafitra fitsipika





**Manan-danja ny fitokisana amintsika ka tsy tokony mivadika amin'ny orinasa ianao mba hahazoana tombony ara-barotra**

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MIADY AMIN'NY TSOLOTRA SY KOLIKOLY

Mirehareha ny amin'ny lazantsika isika satria manao asa fandraharahana araka ny tokony ho izy. Tsy maintsy manaraka ny lalàna mifehy ny tsolotra sy kolikoly isika na aiza na aiza toerana iasana, ary mety ho mafy kokoa izany any am-pitan-dranomasina. Ny fanitsakitsahana ny lalàna mifehy ny tsolotra sy ny kolikoly dia heloka bevava ho an'ny orinasa sy izay tratra manao izany ary mety hiteraka fanasaziana henjana sy fanagadrana mihitsy.



- **Aza manome, mandoa, na manaiky tsolotra, na inona na inona lalàna na kolontsaina eo an-toerana**
- **Aza mangataka na mamela olon-kafa hanao kolikoly amin'ny anarantsika**
- **Aza manolotra na manome zavatra sarobidy an'olona izay mikasa ny hampaharitra, hitazona na hanamora ny asa fandraharahana (toy ny kolikoky hampihenana hetra na ny haban-tseranana)**
- **Mpiantoka asa sy mpanolo-tsaina manara-dalàna ary manana porofon'ny fampiharana ny fandaminan'ny orinasa, nankatoavina ary tsy maintsy hanaraka ny fandaminan'ny orinasa ihany no afaka iarahana miasa**

Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra






"Mirehareha ny amin'ny lazantsika isika satria manao asa fandraharahana araka ny tokony ho izy"

# MANOME SY MANDRAY FANOMEZANA ARY FIALAM-BOLY



Kendrentsika ny hametraka fifandraisana matanjaka sy azo itokisana amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra ivelany ka mifanakalo fanomezana sy fialam-boly isika hanehoana fahalalam-pomba sy fahadiovan-tsaina. Na izany aza, ny fifanakalozana fanomezana sy ny fampiantranoana ary ny fialam-boly tsy araka ny tokony ho izy dia azo raisina ho toy ny kolikoly ka miteraka fivadihana.



- **Fanomezana sy fialam-boly manana tanjona ara-barotra azo hamarinina ary mifanaraka amin'ny ihany no azo omena sy raisina**
- **Aza manolotra na manaiky fanomezana na fialamboly natao, na endrika, hanakorontanana fanapahan-kevitra ara-barotra na hahazoana tombony**
- **Aza manolotra fanomezana na fialamboly ho an'ny tompon'andraiki-panjakana na ny fanjakana raha tsy hoe ara-dalàna sy efa nankatoavina mialoha**
- **Aza manolotra na manaiky vola na izay mitovy lanja aminy ho fanomezana**

## Tsy azo ekena mihitsy:

- Vola na izay mahasolo azy
- Izay zavatra tsy ara-dalàna mifanohitra amin'ny fitsipikin'ny orinasa na mety hanimba ny lazan'ny orinasantsika
- Fanomezana tsy misy tanjona ara-barotra azo hamarinina

## Ekena matetika:

- Fisakafoana miaraka amin'ny mpiara-miasa ivelan'ny orinasa, ny mpanjifa na ny mpamatsy
- Fanasana amin'ny hetsika ara-panatanjahantena, teatra na ara-kolontsaina, raha toa ka misy tanjona ara-barotra azo hamarinina
- Zavatra ampiroboroboana na manamarika hetsika iray


Tsarovy fa ny fanomezana sy fialamboly rehetra mitentina **mihoatra ny 100 Livre Sterling na 500000 Ariary eo ho eo**, na mihoatra ny fetran'ny tsena eo an-toerana, dia tsy maintsy raisina an-tsoratra.



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra



> **Tsy manolotra na manaiky fanomezana na fialamboly isika raha misy fampiakarana karama fa endrika tsolotra izany**




MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MANDAMINA NY FIFANDRORITAN-TOMBONTSOA


Ny disadisa ara-tombontsoa dia mety an'ny tena manokana na mifandray amin'ny orinasa ary mety hisy fiantraikany amin'ny fahafahantsika mandray fanapahan-kevitra ara-drariny sy ho tombontsoan'ny Imperial Brands. Manolo tena isika handravona amim-pahavitrihana ny disadisa mba hahazoana antoka fa tsy hanimba ny fahatokisana antsika izany.






- Ataovy mangarahara sy azo itokizana ny fihetsika ary ialao ny toe-javatra misy fifandraisana manokana na ny tombontsoa ara-bola mifanohitra amin'ny tombontsoan'ny Imperial Brands
- Ambarao malaky ny disadisa tena misy na izay mety ho disadisa, vantany vao fantatra izany
- Ataovy mangarahara ny famahana sy fandravonana ny disadisa ary ho tombontsoan'ny Imperial Brands
- Aza araraotina ny toeranao hahazoana tombontsoa manokana na tombontsoan'olona anananao fifandraisana manokana

> Manolo tena isika handravona amim-pahavitrihana ny disadisa mba hahazoana antoka fa tsy hanimba ny fahatokisana antsika izany




Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra



← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MIFANINANA ARA-DRARINY

Manao fifaninanana ara-drariny, ara-dalàna ary amim-pahamarinana ny Imperial Brands. Manaja ny lalàna rehetra mikasika ny tsy fifampitokisana sy ny fifaninanana izay mihatra amin'ny fihariantsika isika.



- Ataovy izay azonao sy anarahanao ny lalànan'ny fifaninanana izay mihatra amin'ny tsenanao, ny fitsipikintsika ary ireo fitaovana fanofanana na toro-lalana mifandraika amin'izany
- Aza miditra amin'ny fifanarahana manohitra ny fifaninanana (ohatra, ny fanovana vidin-javatra, ny halatra tolo-bidy, ny fizarana tsena). Miasà ary aza miankina amin'ireo mpifaninana amintsika
- Aza miresaka momban'ny lohahevitra ara-barotra saropady amin'ireo mpifaninana toy ny vidin-javatra, ny fifanarahana ara-barotra ary ny famoahana vokatra vaovao
- Raha mahazo vaovao ara-barotra saropady ianao dia valio amin'ny filazana fa tsy nangataka izany ianao ary tsy hanaiky dia tsy tokony handefa na inona na inona intsony ny nandefan'izany. Raha mbola mahazo fahalalana toy izany ianao mandritra ny fivoriana dia mialà tao amin'ny fivoriana ary tatero any amin'ny Mpisolovava eo an-toerana na Vondrona misehatra amin'ny Lalàna avy hatrany ny zava-nitranga




“Manaja ny lalàna rehetra mikasika ny tsy fifampitokisana sy ny fifaninanana izay mihatra amin'ny fihariantsika isika”

## Inona no atao hoe fahalalana ara-barotra saropady (CSI)?

Ny fahalalana ara-barotra saropady (CSI) dia fahalalana tsy ho an'ny daholobe momba ny fitsipikin'ny orinasa iray ka mety hampisy fiantraikany amin'ny fihetsiky ny mpifaninana. Tafiditra ao anatin'izany (fa tsy voafetra amin'ny) ny fahalalana mahakasika ny paikadin'ny orinasam-barotra, ny vidy amin'ny ho avy, ny tsiambaratelo ara-barotra, ny fananana ara-tsaina, ary ny firaketana momban'ny mpanjifa sy ny mpamatsy. Raha manana fisalasalana momba ny atao hoe CSI ianao, dia mananatona ny Mpisolovava eo an-toerana na Vondrona misehatra amin'ny Lalàna.




Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra



← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MANDRAFITRA FOMBA FIJERY IRAISANA

Manara-maso akaiky ny tontolon'ny fifaninanana ary mandinika ny fironana hampivelarana ny raharaham-barotra isika mba hahafahantsika manome fahafaham-po ho an'ny mpanjifa.



- **Manaraha ny lalàna mifehy ny fifaninanana rehefa manangonan mandray na mifanakalo vaovao**
- **Aza mifanakalo, an-tsoratra na am-bava, amin'ny fomba ofisialy na tsia, fahalalana ara-barotra saropady amin'ny mpifaninana (na amin'ny alalan'ny mpanelanelana na olona hafa)**
- **Mahazoa fankatoavana avy amin'ny Mpisolovava eo an-toerana, na avy amin'ny mpanolotsaina ara-pitsarana ivelany na Vondrona misehatra amin'ny Lalàna alohan'ny hanangonana na handraisana loharanon-kevitra vaovao momban'ny fironana ara-barotra na ny hetsika ataon'ny mpifaninana (na avy amin'ny olona hafa ary)**
- **Manao tsara ny tatitra momba ny fanovana / ny fanadihadiana amin'ny fampitahana izay misy ny angona (toy ny angon-drakitra momba ny vidiny / vidiny) dia voaangona ara-dalàna sy ara-tantara**



## Inona avy ireo loharanon-kevitra azo ekena hakana fahalalana mikasika ny fifaninanana?

- Ny haino aman-jery
- Loharano azon'ny besinimaro idirana amin'ny aterineto, anisan'izany ny tranokalan'ny orinasa
- Fanadihadiana malaza momban'ny orinasa
- Tatitra isan-taona
- Kabary ampahibemaso ataon'ny mpitantana orinasa
- Antontan-taratasy natao ho an'ny daholobe eny amin'ireo birao-panjakana



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra




“Manara-maso akaiky ny tontolon'ny fifaninanana isika ary mandinika ny fironana hampandrosoana ny orinasantsika”


← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FANDRARANA NY VAROTRA ANATIN'NY ORINASA

Tazonintsika ho tsiambaratelo ireo tatitra ara-bola na ny vinavinan'ny ho avin'ny orinasa. Rehefa heverina fa hisy vokany eo amin'ny sandam-bidy na ny fanapahan-kevitr'ireo mpampiasa vola ity fahalalana ity dia mety ho 'fahalalana anatiny'. Tsy ara-dalàna ny fampiasana ny fahalalana anatiny mba handraisana fanapahan-kevitra momban'ny fividianana na fivarotana antoka toy ny anjaran'ny orinasa, na ho tombontsoanao manokana na ho an'ny olon-kafa.



- **Tazony ho tsiambaratelo ny fahalalana anatiny ary araho ny fitsipika fototra momban'ny famoahana vaovao. Tsarovy fa mbola mihatra ny fitsipika momban'ny varotra anatiny na efa tsy mpiasan'ny Imperial Brands intsony ary ianao**
- **Aza mizara fahalalana anatiny tsy nahazoana fankatoavana mialoha ary rehefa ilaina amin'ny fanatanterahana ny andraikitrao ihany izany no atao**
- **Aza amidy ny fiarovana ny Imperial Brands, ny logistika na ny orinasa hafa voatanisa ao amin'ny fahalalana anatiny**
- **Aza manaparitaka vaovao diso na tsy voamarina momban'ny Imperial Brands na ireo antoka hafa voatanisa ampahibemaso**



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra




> Misy mpiasa sasany hahazo fahalalana anatiny bebe kokoa ary heverina ho 'mpikambana ao anaty orinasa' izy ireo

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# TATITRA MARINA MOMBA NY ARA-BOLA SY NY TSY ARA-BOLA

Manao tatitra momba ny asa ataontsika amin-kintsimpo sy amim-pahamarinana isika ary mampiroborobo amim-pahavitrihana ny kolontsaina tsy mandefitra amin'ny hosoka. Ny firaketana ireo tatitra ara-bola sy tsy ara-bola feno sy marina tsara dia manampy antsika handray fanapahan-kevitra tsara kokoa amin'ny fihariana, manorina fitokisana amin'ireo mpandray anjara ivelany, ary manohana ireo vina ho amin'ny fahombiazana maharitra sy lovain-jafy. Hosoka ny fanovana ny firaketana na ny kaonty na ny fandisoana ny zava-misy ary mety hisy fiantraikany lehibe amin'ny orinasantsika sy ny olona voakasik'izany.




- **Ataovy marina sy mahitsy ny tatitra, ny fanambarana, ireo vinavina, ny famakafakana rehetra**
- **Aza manomana na mandefa vaovao diso na mamitaka na manova ny anton'ny fifampiraharahana**
- **Manaraha ny lalàna rehetra, ny fepetra takian'ny kaonty ivelany ary ny fomba fiasan'ny orinasa amin'ny tatitra ara-bola sy tsy ara-bola**
- **Resaho ny teboka rehetra momban'ny fahamarinana na fahafenoan'ny tatitra ara-bola**



Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra



Manao tatitra momba ny asa ataontsika amin-kintsimpo sy amim-pahamarinana isika ary mampiroborobo amim-pahavitrihana ny kolontsaina tsy mandefitra amin'ny hosoka




← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FANKATOAVANA NY FADIN-TSERANANA SY NY HABA TAKÌNA AMIN'NY HETRA



Ny Imperial Brands dia manaraka ny lalàna nasionaly sy iraisam-pirenena momba ny hetra amin'ny orinasa sy ny sigara. Marina sy mangarahara ny fampahafantarana sy fanamarinana ataontsika ary miara-miasa akaiky amin'ny mpiasan'ny fadin-tseranana sy ny sampan-draharahan'ny hetra maneran-tany isika mba hanampy amin'ny ady amin'ny fivarotana tsy ara-dalàna ny vokatra. Nametraka fitsipika hialana amin'ny fanamorana na fandosirana hetra isika, ho an'ny mpiasa iray, na ho an'izay misolo tena na miasa amin'ny anaran'ny Imperial Brands na ho an'ny mpandoa hetra hafa ifampiraharahantsika.




- **Manaraka ny lalàna nasionaly sy iraisam-pirenena rehetra momban'ny haban-tseranana, hetran'ny orinasa sy ny sigara**
- **Manaova tatitra amin'ny mpiandraikitrin'ny seranana raha misy fahasamihafana eo amin'ny vokatra voaray na misy tsy fahatomombanana ao amin'ny antontan-taratasy fanaraha-maso**
- **Aza mitondra santionam-bokatra raha resaka no aleha any**
- **Ataovy azo antoka fa izay masoivoho, mpanelanelana ary mpanolotsaina momban'ny hetra miasa amin'ny anaran'ny Imperial Brands dia ho araha-maso ary misy sonia fifanekena mifanaraka amin'izany**

> **Marina sy mangarahara ny fampahafantarana sy fanamarinana ataontsika ary miara-miasa akaiky amin'ny mpiasan'ny fadin-tseranana sy ny sampan-draharahan'ny hetra maneran-tany isika**





Kitiho eto ho an'ny loharan-kevitra anatiny Paikadin'ny Group Tax




MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FANARAHANA NY SAZY SY NY FAMERANA ARA-BAROTRA


Mankatò ny sazy iraisam-pirenena sy ny fenitra ara-barotra maneran-tany isika. Manana fomba fiasa isika hakàna antoka fa tsy miditra amin'ny fandraharahana, na varotra, ara-bola na tsia amin'ny mpanelanelana na orinasa na olon-tsotra iharan'ny sazy.





- **Fantaro ny sazy sy ny fenitra ara-barotra mifandraika amin'ny asanao sy ny andraikitrao ary manantona ny Mpisolovava eo an-toerana na Vondrona misehatra amin'ny Lalàna raha mila fanampiana ianao**
- **Mpanelanelana (olon-tsotra sy orinasa) nankatoavina ary mampihatra ny fandaminana ato amin'ny orinasantsika ihany no tokony iaraha-miasa**
- **Aza manaiky na mijery fotsiny raha misy ahiahy momban'ny fanitsakitsahana ny lalàna iraisam-pirenena na ny fenitra ara-barotra**
- **Jereo raha misy sazy na fenitra ara-barotra tokony hihatra amin'ny mpanelanelana iarahantsika miasa (olona na orinasa) ary aza miditra amin'ny fifanarahana atao hialana na hisorohana ny sazy**

> **Mankatò ny sazy iraisam-pirenena sy ny fenitra ara-barotra any amin'ny firenena rehetra iasantsika isika**




Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra

MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY




# FAMOTSIAM-BOLA

Ho fisorohana ny famotsiam-bola amin'ny fandraharahana ataontsika dia ny mpanjifa sy ny mpanjinjara ara-dalàna ihany no iarahantsika miasa. Matetika mifandray amin'ny heloka bevava sy ny fampihorohoroana ny famotsiam-bola. Andraikitray ny miantoka ny tsy ampiasana ny marika Imperial Brands amin’ny famotsiam-bola na fanaronana izany na izay manao azy.



- **Fantaro ny atao hoe famotsiam-bola ary ahoana no mety ho fiantraikan'izany amin'ny Imperial. Manaova tatitra momban’izay ahiahinao na tsikaritrao**
- **Fandoavam-bola avy amin’ny mpanjifa nankatoavina na mpanjinjara na mpandraharaha na olon-tsotra efa mpiara-miasa amin’ny Imperial Brands ary mampihatra ny fandaminan’ny orinasa ihany no azo ekena**
- **Fandoavam-bola raisina na alefa any amin'ny kaontin'ny banky atao amin'ny anaran'ny fikambanana ara-dalàna na olon-tsotra iarahantsika miasa ihany no azo ekena**
- **Aza manao tsinontsinona, na fananina na tsia, ireo 'saina mena' mampilaza fifampiraharahana ara-bola tsy araka ny tokony izy toy ny fifandraisana na fandefasana vola be, ny fifampiraharahana any ivelany, na fampiasana orinasa tsy mitonona anarana**





> Ho fisorohana ny famotsiam-bola amin'ny fandraharahana ataontsika dia ny mpanjifa sy ny mpanjinjara ara-dalàna ihany no iarahantsika miasa




Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN’NY PEJY

# FIFANDRAISANA AMIN'NY MPAMATSY AZO ITOKISANA

Manana fifandraisana azo itokisana sy azo ianteherana amin'ny mpamatsy isika, ampitombontsika lanja izany mba ampihena ny risika rehefa miara-miasa amin'izy ireo mba hazaona fahombiazana. Ara-drariny sy mangarahara ary matihanina ny fandraharahana ataontsika ary miezaka mifantina ireo mpamatsy manaraka etika sy tompon'andraikitra isika iarahantsika miasa.





- **Araho ny fizotran'ny fandraharahana efa napetraka, ao anatin'izany ny fanatanterahana ireo fepetra takiana**
- **Aza manao fanoloran-tena na an-tsoratra na am-bava amin'ny mpamatsy raha tsy manana fahefana hanao izany ianao**
- **Ataovy izay hahazoana antoka fa mahazo ny Fitsipi-pitondrantena mifehy ny mpamatsy izay mamaritra ny amin'ny fitondran-tena araka ny etika sy tompon'andraikitra andrasantsika aminy**
- **Aza manaiky na manao tsinontsinona ny hetsikin'ny mpamatsy izay mety mandika ny Fehezan-dalàna na ny fenitra napetranstika. Ampahafantaro amin'ny ekipan'ny mpividy na amin'ny alalan'ny zotra Sahia Miteny ny olana rehetra**



> **Manana fifandraisana azo itokisana sy azo ianteherana amin'ny mpamatsy isika mba hazaona fahombiazana**

Kitiho eto ho an'ny loharan-kevitra anatiny Fitsipi-pitondrantena mifehy ny mpamatsy




← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# MIARA-MIASA AMIN'NY GOVERNEMANTA SY NY RAFITRA POLITIKA



Mitovy ny fiara-miasantsika amin'ny fanjakana, ny antoko fitsipika ary ny kandidà sy amin’ireo mpiara-miombon'antoka ivelany maro hafa: an-karihary, ara-moraly ary natokana ho an’ny fahatratrarana ny tanjona ara-barotra ara-dalàna. Ny fitondrantena tsy mendrika mahavoarohirohy ny fanjakana na ny tompon'andraiki-panjakana dia mety handoto ny laza sy olana ara-pitsarana ho an’ny Imperial Brands.

Amin'ny toe-javatra sasany, ny fandraisantsika anjara dia mety haka endrika fitsipika. Izay fandraisana anjara mitovy amin’izany dia tsy maintsy atao mangarahara arak’izay tratra ka misy tamberin'andraikitra sy ankatoavina araka ny torolalan'ny orinasa.



- **Ny mpiasa voaofana na manam-pahaizana ara-fitsipika nankatoavina mialoha ihany no miantoka ny fifandraisana amin’ny mpitondra fanjakana**
- **Araho ny torolàlana sy ny fitsipikin'ny orinasa rehefa mifandray amin'ny antoko sy ny kandidà**
- **Aza mandoa vola mba hidirana na hampiova hevitra an'ireo mpandrindra na vondrona manana tombontsoa manokana**
- **Makà fahazoan-dalana manokana mialohan’ny hifanaraka amin'ny fanjakana na mpandrindra**

> **Ny fitondrantena tsy mendrika mahavoarohirohy ny fanjakana na ny tompon'andraiki-panjakana dia mety handoto ny laza sy olana ara-pitsarana ho an’ny Imperial Brands**

Kitiho eto raha hijery ny loharanon-kevitra

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN’NY PEJY

# NY TONTOLO IAINANA SY NY FIARAHAMONINA

**Miasa ao anaty fanajana ny tontolo iainana sy ny mpiara-monina eo amin'ny toerana hiasanay izahay. Vonona hampihena ny fahasimban'ny tontolo iainana ary mitondra anjara biriky amin'ny fampiroboroboan'ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ny fanohanana ny fiveloman'ny olona miara-miasa amintsika isika.**


43 Fiarovana ny tontolo iainana

44 Fandraisana anjara amin'ny tolo-tanana sy firotsahana an-tsitrapo







> Vonona hampihena ny fahasimban'ny tontolo iainana ary hitondra anjara biriky amin'ny fampiroboroboan'ny fiaraha-monina iasantsika isika

← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA VOAJANAHARY



Miankina amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny faharetan'ny planetantsika sy ny fahasalaman'ny taranaka ho avy. Miezaka isika ny mba hampihena ny fahasimban'ny tontolo iainana amin'ny alàlan'ny fampiasana mendrika ny loharanon-karena, fampihenana ny loto sy ny fako ary ny fiarovana ny zava-manan'aina. Fanampin'izany, mifanaraka amin'ny tanjona Net Zero amin'ny taona 2040 dia hampihena ny entona karbônina ary hampiroborobo ny angovo azo havaozina ihany koa isika. Tafiditra amin'ny fitantanana mendrika ny fanabeazana sy ny famporisihana ny olona hanao safidy tsara, hijoro ho an'ny kolontsaina miahy ny tontolo iainantsika.



- **Ahenao ny fampiasana angovo amin'ny alàlan'ny fitsitsiana sy ny fahombiazan'ny fampiasana izany ary ampiroboroboy ny angovo azo havaozina, mba hampihena ny famoahana karbônina**
- **Ahenao ny fako eny ifotony ary manaova fanodinana**
- **Ampiasao araka ny tokony ho izy ny rano eny amin'ny faritra mijaly rano**
- **Arovy ny tontolo voajanahary ary ampiroboroboy ny zava-manan'aina**



**Manaiky ny maha-zava-dehibe ny fiarovana ny planetantsika ho an'ny taranaka ho avy isika ary miezaka fatratra ny ho mpiara-miombon'antoka tompon'andraikitra**



Kitiho eto ho an'ny loharan-kevitra anatiny Fitsipika Mahakasika ny Tontolo iainana Tetikady ho an'ny Olona sy Tany Famintinana ny Zava-bita ESG




← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FANAOVANA ASA SOA NA FILATSAHANA AN-TSITRAPO

Vonona hitondra anjara biriky hanasoavana ny fiarahamonina iasantsika isika. Tsara ho an'ny fandraisan'anjaran'ny mpiasa, fifandraisana ara-barotra ary lazan'ny orinasa, ary ampahany manan-danja amin'ny andraikitra goavana iantsorohantsika eo amin'ny fiaraha-monina izany. Mifanaraka amin'ny asa soa ataontsika ny **Tetikady ho an'ny Olona sy Tany**.




Ny famelana ny mpiasa hanohana ny fiaraha-monina misy azy ao anatin'ny asany dia manampy amin'ny fanatsarana ny traikefa mampitombo fahalalana, azahoana vokatra tsara ary hananana fahatsapana bebe kokoa momba ny toe-javatra iainan'ny hafa.



- **Mifantoha amin'ny fanohanana ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ireo tetikasa mifanaraka amin'ny Tetikady ho an'ny Olona sy Tany ary ny tanjon'ny Firenena Mikambana momba ny fampandrosoana maharitra izay mikendry ny fanatsarana ny fiainan'ny olona**
- **Ny tolo-tanana avy amin'ny orinasa ho an'ny fikambanana mpanao asa soa voasoratra ara-dalàna sy manara-dalàna irery ihany**
- **Aza manao asa soa na fampiasam-bola ho an'ny fiaraha-monina raha hampiroboroboana ny vokatrin'ny Imperial Brands no tanjona**
- **Halaviro ny fandraisana anjara mifandraika amin'ny ankizy, amin'ny aretina aterakin'ny fifohana sigara, amin'ny zava-kanto ary fanatanjahantena. Ekena ny hetsika miompana amin'ny fisorohana ny fampiasana zaza tsy ampy taona. Jereo ny toro-lalana eo an-toerana**

Kitiho eto ho an'ny loharan-kevitra anatiny  Tetikady ho an'ny Olona sy Tany

## Ny antsimpirian'ny fandaharan'asa fiaraha-miasa

Ny antsimpirian'ny fandaharan'asa fiaraha-miasa dia ny fanohanana ny faniriantsika amin'ny fivelomana sy mahasoa ny Mpambolintsika ary ny famatsiana vola amin'ny tetikasa mifandraika amin'ny tetibola maharitra, ny fambolena maharitra, ary ny fisitrahana ireo filàna fototra toy ny fanabeazana sy ny rano fisotro madio. Ny hetsika atao anatin'ity programan'asa ity dia tsy tafiditra amin'ireto torolàlana ireto.



← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY

# SASIN-TENY





## Disadisa ara-tombontsoa
Toe-javatra iray izay ahafahan'ny tombontsoa manokana na tombontsoan'olona iray manisy fiantraikany amin'ny fomba anatanterahany ny asany. Mety ho ara-bola na tsia ny disadisa ara-tombontsoa.

## Fahalalana manokana
Fahalalana mifandraika amin'ny olona iray, toy ny anarana, ny fomba hifandraisana aminy, ny asany, ny toerana na ny daty nahaterahany.

## Fahalalana tsiambaratelo
Ao anatin'ny fahalalana tsiambaratelo ny vokatra ny toro-lalana fampandrosoana, ny varotra, ny fifanakalozana ara-barotra sy ny angon-kevitra ara-bola, ny drafitry ny orinasa, ny fanovana ny rafi-pitantanana ambony ary izay mety hahakasika ireo fananana sy ny fiombonan'antoka. Heverina ho tsiambaratelo ihany koa ny mombamomban'ny tena manokana.

## Famotsiam-bola
Fifanakalozam-bola hanovana ny endrim-pananana azo tamin'ny tsy ara-dalàna mba ho endrim-pananana toa ara-dalàna.

## Fampiharana ny fandaminana
Fomba fiasa miteraka risika sy fitsirihana ny fanaraha-penitra na fanaraha-maso ara-bola mba hanamarinana ny zava-misy sy ny mombamomban'ny mpanelanelana.

## Fanandevozana maoderina
Ny fandraisana mpiasa, ny famezivezena, ny fanondranana na ny fialofana olona amin'ny alalan'ny fampiasan-kery, fanerena, fanararaotana fahalemena, famitahana na fomba hafa ho an'ny fitrandrahana. Tafiditra ao anatin'izany ny asa an-terivozona sy/na fanondranana an-tsokosoko, fampiasana zaza tsy ampy taona, fanararaotana ara-nofo, fanambadiana an-tery, fanandevozana handoavana trosa.

## Fanavakavahana
Toetra manavaka olona iray noho ny mahalahy na mahavavy, ny lokony, ny firazanany, ny fahasembanana, na ny antony hafa tsy mifandraika amin'ny zava-bitany na ny fahaizany manatanteraka ny asany.

## Fandoavam-bola ho fanamorana
Ny fandoavam-bola atao tamin'ny tompon'andraiki-panjakana mba hanafainganana ny asa fanaon'ny manam-pahefana.



# SASIN-TENY



## Fandraisana anjara ara-fitsipika

Fanomezana amin'ny endriny rehetra toy ny lelavola, tolotra na zavatra hafa manan-danja avy amin'ny olona na fikambanana iray hanohanana antoko politika, mpanao politika na kandidà politika.

## fanorisorenana

Teny na fihetsika na fitondran-tena tsy ilaina nefa manitsakitsaka ny fahamendrehan'ny olona iray hafa sy/na miteraka tsindry, fankahalana, fanambaniana, fanalam-baraka na fanafintohinana eo amin'ny asa.

## Fizakàmanana ara-tsaina

Fananana arovan'ny lalàna toy ny marika, zon'ny famolavolana, patanty ary zon'ny mpamorona izay manakana ny hafa tsy hahazo tombony amin'ny marika sy ny fanavaozana ataontsika.

## hosoka

Famitahana niniana natao mba hahazoana tombony manokana amin'ny tsy marina, na tombony ho an'ny Vondrona, na tombony ho an'ny orinasa iray na olon-tsotra amin'ny anaran'ny Vondrona. Mety ahitana ny fanehoana diso ny toe-bola na ny tsy ara-bola, ny tsy fampahafantarana vaovao, na ny fanodinkodinana fananana, ankoatry ny heloka bevava hafa.

## Kolikoly

Fitondran-tena tsy mendrika sy hosoka ataon'ireo manana fahefana, matetika ahitana fanararaotana ny biraom-panjakana na tsy miankina mba hahazoana tombontsoa manokana.

## Lalàna momban'ny fifaninanana

Lalàna natao hamporisihina ny tsena malalaka sy hiarovana ny mpanjifa sy ny fandraharahana amin'ny alàlan'ny fandrindrana ny fifampiraharahana eo amin'ny mpifaninana, mpanjifa, mpanjinjara ary mpanelanelana hafa ary koa izay hetsika atao any amin'ny tsena izay ananan'ny Imperial Brands fahefana matanjaka.

## Mpiara-miasa ivelan'ny orinasa

Olona na fikambanana manana fifandraisana ara-barotra amin'ny Imperial Brands, toy ny mpanjifa, mpamatsy, mpaninjara, na mpandraharaha.

## Olona sy Kolontsaina (P&C) Mpiara-miasa amin'ny fandraharahana

Mpiasan'ny Imperial izay miara-miasa amin'ny ekipa ao amin'ny orinasa.



# SASIN-TENY



## Piratage

Fikasana hahazo fahalalana toy ny solon'anarana, ny tenimiafina, ny faharanitan-tsaina ho an'ny fifaninanana, na mombamomba manokana sy/na ny banky na rafitra fidirana, amin'ny alàlan'ny mailaka, hafatra, tranokala na antso an-tariby izay matetika miseho toy ny avy amin'ny olona iray heverina ho azo itokisana.

## sazy

Fepetra napetraky ny fanjakana sy ny fikambanana iraisam-pirenena mba hamerana ny fifampiraharahana amin'ny firenena, fikambanana ary/na olon-tsotra. Mety ahitana fenitra ara-toekarena, famerana ara-barotra, sazy ara-bola ary fandrarana ny dia.

## Tompon'andraiki-panjakana

Olona manana toeran'ny mpanao lalàna, mpitantana, mpisehatra eo amin'ny lalàna na inona na inona, na voatendry na voafidy ao amin'ny fanjakana.

## Tsolotra

Famporisihana na valisoa natolotra, nampanantenaina na nomena mba hahazoana tombony ara-barotra, nifanarahana na ho an'ny tena manokana.

## Tsy fandoavana hetra na fanamorana ny tsy fandoavana hetra

Ny hetsika rehetra ataon'ny orinasa na olona minia manao hosoka ny fidiram-bolam-panjakana na mampihena amin'ny fomba hosoka ny hetra.

## valifaty

Fihetsika mitanila na endrika fanimbana rehetra, toy ny fanesorana amin'ny toerana, fanenana karama na fepetran'ny asa, na fandroahana olona nohon'ny nitaterany asa tsy nety na fitondran-tena ratsy.


## varotra anatiny

Fampiasana fahalalana tsy ho an'ny besinimaro momban'ny fandehanam-bola na vinan'ny orinasa mba handraisana fanapahan-kevitra momban'ny fividianana na fivarotana antoka toy ny anjaran'ny orinasa.

## Varotra tsy ara-dalàna

Fizarana tsy nahazoana alalana na fivarotana vokatra ivelan'ny faritry ny tsena na ny lalana fanapariahana azy. Ohatra, ny vokatra hosoka na fanondranana entana an-tsokosoko.





← MIVERINA ANY AMIN'NY VOTOATIN'NY PEJY